# 88 taona ny RNM
## Toa tsy fantatry ny ministra Lalatiana akory izany 2


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Talata 30 avrily 2019 | Laharana 904 | Vidiny : 400 Ar


**I Korintiana 5: 7** 5
Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 132), Madagasikara 27 aprily 2019


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Filoha Ravalomanana tany Ambalavao** 2

# Misy ny miralenta amin'ny kandidà depiote TIM



**100 andron'ny Filoha Rajoelina** 3

# Nanao ary hanao prôpagandina depiote



**KANDIDA FENO SY BODO** 3

## Tena hisolovava sy hisolotena ny vahoakan' ny Boriboritany faha-3



**Taranja baolina kitra** 6

## Tsy milamina araka ny tokony ho izy

**Tsy fandriampahalemana** 6

## Tovolahy nisy naka an-keriny navotan'olona mpivoaka alina

**Zaridainan'Anosy** 6

## Toa avela ho potika satria asan'ny teo aloha

**Daka kely**

Hay filohan'ny TGV foana ialahy ry Boaikely fa tsy an'ny Malagasy rehetra a !

**Jeune TIM Ambohimanarina** 2

## Ireo kandidà depiote tarihan'i Todisoa ihany no tohanany



FIAINANA MPANAO POLITIKA

## Marary ny TGV raha tsy miresaka ny filoha Ravalomanana

Efa ho 10 taona izao dia marary ny mpomba ny fitondràna TGV sy ireo haino amanjery mpanohana azy, raha tsy manonona ny anaran'ny filoha Marc Ravalomanana izy ireo. Isan'andro isan'andro dia mahita ho resahana mahakasika an'i Dada hatrany, na efa ao anatin'ny fitondràna izay lazaina fa hoe ara-dalàna aza fa tsy tetezamita intsony izy ireo. Hany ka maro no lasa mivazivazy hoe: na tsy mandany vola hanaovana serasera aza ny filoha Marc Ravalomanana dia tsy olana, satria isan'andro resahana foana, izay tena mampiakatra ny lazany tokoa izany. Vao mainka izany nivaivay nandritra ilay nitsipahan'ny HCC ny fikasan'ny fitondràna TGV hanao fitsapankevibahoaka izay nampitondra henatra azy ireo tanteraka teo imason' izao tontolo izao, sy ny vahoaka Malagasy. Ny filoha Marc Ravalomanana mantsy no isan'ny nanambara voalohany fa tsy manaraka ny lalampanorenana ny fanaovana amboletra io fitsapankevibahoaka io . Avy eo nanaraka azy tato aoriana nitsipaka io ihany koa ireo antoko politika sy fiarahamonim-pirenena ary ny fikambanana maro samihafa. Ny filoha Marc Ravalomanana anefa, na inona na inona fanenjehana azy dia nampiseho fahendrena tamin'ny alalan'ny taratasy misokatra nataony fa mila mifanatona ny mpitondra sy ny mpanohitra, mba hijerena ny mahasoa ny Malagasy, izay efa latsaka ao anaty lavaky ny fahantrana. Henoy izany ry hazondamosiko hoy Rajoelina Andry sy ny TGV mpanaraka azy.

***Helisoa***

Filoha Ravalomanana tany Ambalavao

## Misy ny miralenta amin'ny kandidà depiote TIM

Toy ny tany amin'ny faritra maro samihafa manerana ny Nosy dia tany Fianarantsoa indray ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, Marc Ravalomanana, nametraka tamin'ny fomba ofisialy ireo kandida TIM.K25. Ny faran'ny herinandro teo dia napetrany tamin'ny fomba ofisialy ny kandida atolotry ny Tiako i Madagasikara tao amin'ny distrikan'Ambalavao, ramatoa Rasoanirina Marcelline. Toy ny fiaraha-mientantsika sy nijoroantsika hatrizay hoy Dada dia tsy miala amin'ny fotokevitsika i ny depiote Tiako i Madagasikara rehefa tonga eny Tsimbazaza. Hampiasa antsakany sy andavany ny fahefana mpanao lalàna hitondra ny hetahetan'ny vahoaka hanatanterahana izay tena mahasoa ny besinimaro ary hiaro azy amin'ny lafiny rehetra satria izay no tena asan'ny solombavambahoaka. Tsy ho mpananga-tanana ny depiote TIM rehefa tonga ao Tsimbazaza fa ny vahoaka aloha no atao lohalarana. Ankoatra izany, omena ny toerany koa ny miralenta, na ny fitovian'ny lahy sy ny vavy tamin'ny fametrahana ireo kandidà depiote TIM.K25, hoy Dada.

***Helisoa***

Jeune TIM Ambohimanarina

## Ireo kandidà depiote tarihan'i Todisoa ihany no tohanany

Nanao fanambarana ny Jeune TIM, na ny Tanora TIM eny Ambohimanarina Boriboritany faha-6, fa ny kandida TIM Boriboritany faha-6, tarihan'i Andriamampandry Todisoa, faha-2 Fehizoro Andriamananjezika, faha-3 Marie Horace Rasoanoromalala ary faha-4, Lalaina Rabezanahary ; ireo ihany no kandida tohanan'izy ireo fa tsy misy hafa ankoatra ireo tamin'ny fanambarana izay nataony, ny sabotsy teo. Izany dia nandritra ny fivoriana nataon'ny mpikambana rehetra ho fanomanana ny propagandy satria misy olona




*Ireo avy amin'ny Jeune TIM eny Ambohimanarina.*

misandoka anarana ho Jeune TIM ka sady mahay atsy no mahay aroa, ary mampiasa ny anarana sampana Jeune Tim. Mandeha amin'ny anaran'ny tenany manokana ireny ary mbola namafisin'ny kandida Number One Todisoa izany nandritra io fotoana io. Nampitandrina ireo izay misandoka K25 koa ny Kandida rehetra miray lisitra aminy, fa azo saziana ny manao izany satria ny Jeune TIM dia ara-panjakana, Nanatrika io fotoana io rahateo ny DISTIM, ireo CM na mpanolotsaina Monisipaly, ny Biraon'ny Jeune TIM 6èm, izay tompon'ny fotoana.

***Ny Valosoa***

88 taona ny RNM

## Toa tsy fantatry ny ministra Lalatiana akory izany

88 taona omaly 29 aprily ny Radio Madagasikara na ny RNM. Toa tsy fantatry ny ministra Lalatian Rakotondrazafy akory anefa izany tsingerintaonan'ny onjampeompirenena izany. Tsy nisy ny resaka mahakasika izay nandritra ny fananganan-tsaaina nataon'ny mpiasan'ny ministera, teo an-tokontany malalaky ny Tranombokimpirenena Ampefiloha omaly maraina, nandritra ny lahateny natao tao aorian'izay fananganana ny fanevam-pirenena izay. Milaza ireo mpiasa ao amin'ity haino amanjerim-panjakana ity fa toa tsy raharahahian'ity ministra vaovao ity ny haino aman-jerim-pirenena sy ireo mpiasa ao aminy, vao ny herinandro lasa teo raha tsiahivina, mpiasa miisa 16 no noroahan'ity ministra ity tao amin'ny RNM sy ny TVM, tsy fahadisoana momba ny asa, tsy nisy fampitandremana, fa tonga dia fandroahana, nefa zavatra tsy mifandraika loatra amin'ny asa ny antony, satria nandritra ny hetsika Tanagmaro andiany voalohany no nitrangan'ny olana. Asa Tagnamaro, izay tsy ao anatin'ny asa, fa zavatra ivelan'ny asa, sy tsy tokony ho atao an-tery fa tokony ho antsitrapo amin'izay maha-ivelan' ny asa azy izay. Efa manomboka mimenomenona amin'ity ministry ny serasera sy ny kolontsaina ity noho izany ny mpiasa ao anivon'ity ministera izay tantanany ity. Raha tsiahivina kosa ny tantaran'ny Radio Madagasikara, ny 29 aprily 1931 no nandeha ny onjampeo voalohany teto Madagasikara, tetsy Antaninarenina. Radio Tananarive no niantsoana azy tamin'izay fotoana izay. Ny 28 febroary 1963 kosa no vita ny tranoben'ny Radio tetsy Anosy ary nidina tao ny onjam-peom-pirenena. Ny 2009 no may izany Radio Madagasikara izany noho ny fanonganam-panjakana notarihan'ny Filoha Andry Rajoelina tamin'izany fotoana izany. Ankehitriny dia mitambatra amin'ny tranobe iray vita tamin'ny fitondran'ny Filoha Marc Ravalomanana ny RNM sy ny TVM. Niovaova teny foana ny fiantsoana azy nandritra izany: tao ny hoe RTM: Radio Televiziona Malagasy, teo koa ny Radiodiffusion Nationale Malagasy, ny RNM na ny Radio Nasionaly Malagasy, ary ankehitriny Radio Madagasikara indray no fiantso azy. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mbola mirary ity Radio ity ho tratra ny 88 taona manaraka indray!



***Ny Valosoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Tsy handroso ny firenena tsy misy firaisankinam-bahoaka

Nandrasana fatratra tao anatin'ny tatitra nataon'i Andry Rajoelina ny alahady tolakandro teo ny amin'ny fampiraisankina ny vahoaka Malagasy. Marina fa ezaka tsy ao anaty telovolana izany na enimbolana, kanefa misy ihany ny asa tokony ho hita soritra fa miroso ho amin'izany tokoa ny tenany sy ireo ekipa miaraka aminy rehetra. Tsy hisy fampandrosoana hanjary izany eo raha toa ka tsy miray hina ny vahoaka ary tsy miara-mientana marina amin'ny asa fampandrosoana. Niarahanahalala tsara ny zava-nisy teto amin'ny firenena nanomboka tamin'ny taona 2009 no mankaty amin'ny fiafaran'ny tetezamita, sy ny nidirana tao amin'ny fitondrana Rajaonarimampianina ary ny fahatongavana tamin'izao fitondrana ankehitriny izao. Tsy misy afaka handà, fa nivakivaky ny fiaraha-monina teto noho ny resaka politika, ary tsy notadiavina mihitsy izay fomba nanasitranana izany tato anatin'ny 10 taona ho an'ireo nifandimby teo amin'ny fitondrana ireo. Zary nanao ambany maso tsy hita ny zava-misy izany aza ny maro ny faran'ny taona 2018 mba hilaminan'ny firenena sy fitsinjovana ny tombontsoa ambonin'ny firenena. Firenena nandamaka no nisy, tonga teo amin'ny fitondrana ny Tgv. Mila fomba fiasa maika sy vahaolana malaky ny firaisankinam-pirenena, ary mitaky asa fatratra izany. Tsy hita mazava anefa ny ezaka tamin'izany tao anatin'ny telovolana. Ary ny nanaitra dia mikisary fampizarana ny vahoaka indray aza no re tao anaty teny famaranana farany. Raha atao antsipiriany ny filazana natao dia misy karazany na notsinjaraina ho dimy ny vahoaka Malagasy ny fahitan'ny fitondrana Rajoelina azy. Eo aloha ireo vahoaka miara-dia aminy efa ao anaty lamasinina. Ireo efatra kosa dia ivelany, izay olana ho an'ny fizoran'ny lamasinina: eo ny sokajin'ny lazainy ho mpisakantsakana, ny faharoa ireo tsy mihevitra mihitsy ny hiditra ao anaty lamasinina, ny fahatelo ireo mpitazana fotsiny, ary ny farany ireo tena mikasa hanao izay hampivadika ny lamasinina mihitsy, araka ny nambarany ireo. Tsy maintsy mandeha anefa ny lamasinina, hoy izy. Ny dikan'izay hijanona hizarazara ihany ny vahoaka miditra amin'izao telovolana faharoa amin'ny hitondrany izao, ary tsy manana vahaolana hamahana izany ny tenany sy ny ekipany. Tsy hahasoa firenena anefa izany, fa tsy vao izy irery akory no filoha nanao izany teto tato anatin'ny 59 taona nivernan'ny fahaleovantena. Efa nisy nanao izany fomba tsy mahomby izany, izay tsy nivaky loha tamin'ireo izay tsy vonona nanaraka azy, fa niseho nahavita tena irery sy nihevitra ho nanana fahaizana faratampony amin'ny fampandrosoana ity firenena ity. Iaraha-mahita tsara anefa mandraka ankehitriny ny nanjo ny vahoaka sy ny niafaran'ny firenena. Efa nisy izany teto fa tsy nahasoa ny vahoaka sy ny firenena. Midika mazava loatra ho tsy fananana traikefa sy tsy fahaizana mitondra firenena mihitsy ny fiziriziriana handeha jonjorombona fotsiny tsy te-hahalala an'iza na iza eo anivon'ny firenena tantaniny.

***Sôh'son***

Ny Valosoa sy hadihady

# Filoha Rajoelina : nanao ary hanao prôpagandina depiote

« Indrisy ! Tsy afaka hanatanteraka ny fitsinjaram-pahefana tena izy indray isika », hoy ny filohan'ny Repoblika IV, Andry Rajoelina, taorian'ny namoahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) ny heviny, momba ny fitsapankevibahoaka izay iaraha-mahalala, fa nolavin'ity andrimpanjakana ity izany satria tsy feno ny fepetra hahazoana manao izany. Tena tsy azo lavina fa tsy mbola nisy filoha mahay miserasera tahaka ity farany ity teto Madagasikara satria hainy ny mampihetsi-po ireo olona mihaino sy mijery azy. Ho an'ny maro anefa raha mpanao politika no maneho hevitra toy ireny manoloana toe-draharaha iray dia mahatsikaiky ihany satria azo oharina amin'ireny ankizy kely mangataka zavatra amin'ny ray amandreniny kanefa lavin'ireto farany satria misy antony ao. Azo inoana fa fantatry ny filohan'ny Repoblika sy ireo mpahay lalàna manodidina azy tsara fa tsy azo notanterahina ny fitsapankevibahoaka raha ny lalàna manankery manodidina izany no jerena. Taty aoriana vao namoaka ny voarakitr'iny lalàmpanorenana nasiam-panovàna iny, momba ny fitsinjaram-pahefana, ny minisitry ny serasera ary tamim-pihetseham-po tsy niaro alahelo fa tena tamim-pahavitrihana sy faharesen-dahatra no nanaovany izany. Ho fidian'ny fokonolona indray, hono, ny filoham-pokontany fa tsy ho tendrena toy ny teo aloha intsony. Efa fanovàna tena tsara izany saingy ny mbola mampieritreritra dia ny momba ny "governora" izay ho tendrena ao amin'ny filankevitry ny minisitra amin'ny alàlan'ny didim-panjakana (dècret), ka tsy misy afaka mandà fa tsy maintsy olon'ny antoko politika eo amin'ny fitondrana. Na ny anarany aza dia efa mampihorohoro satria tamin'ny andron'ny fanjanahantany no nisy governora notendrena teto ary nandidy nanapaka izany olom-panjakana izany. Ny Amiraly Ratsiraka Didier koa no nanendry governora tamin'ny nananganany ny faritany mizaka tena kanefa rava ho azy izany satria nalatsaka avy any ambony izany fa tsy niainga tamin'ny fanirian'ny vahoaka. Tsy hita soritra teny amin'ny endriky ny filohan'ny Repoblika intsony ilay "indrisy" nandritra ny nanaovany ny tomban'ezaka tao anatin'ny zato andro, ny alahady 28 Aprily lasa teo. Niverina indray mantsy ilay fizahozahoana sy fahatokisan-tena amin'ny alàlan'ny fahaiza-miserasera ka toy ny nijery sarimihetsika tao amin'ny fahitalavi-pirenena indray ny olompirenena mpankafia ireny filma tsy mampitaintaina ireny fa tonga dia fantatra ny fiafarany. Tsy vahaolana ny fandrahonana ny mponina, manao "fitsaram-bahoaka" amin'izay tratra mangalatra eo an-tanàna, higadra mandra-pahafaty satria tsy misy fifampitokisana intsony eo amin'ny vahoaka sy ny fitsarana sy ny hery mpiaro ny olona sy ny fanany. Ny fiketrehana politika mahomby hamerenana izany fifampitokisana izany no tokony himasoana. Mandrisika ny mpanao ratsy mbola hanao ny ataony koa izany satria tsy ho sahy hanao fitsaram-bahoaka intsony ny mponina, etsy an-daniny, ary mety mbola afaka hanao kolikoly any amin'ny fitsarana sy ny mpitandro ny filaminana ihany koa, an-kilany, mba hanafahana azy. Ho faly tokoa ny Malagasy raha tsy maintsy hidina ny solika satria hidina miaraka amin'izany koa ny vidim-piainana, ka sady hipetraka amin'ny trano mijoalajoala no hisakafo tsara ary hihena ihany koa ny saran-dàlana sady ho haingana dia ho tonga any amin'izay aleha satria midadasika ny làlana ka tsy hisy fitohanana. Manana ny zavatra rehetra ilaina amin'ny fampandrosoana sy fampivoarana ny fiainam-bahoaka tokoa ity Nosy ity saingy mahantra olona tena manana fitiavan-tanindrazana sy sahy mijoro amin'ny fahamarinana. Na izany na tsy izany dia tsy nisy izay tomban'ezaka natao, tsapa kosa anefa fa mbola fampielezan-kevitra no nataon'ny filohan'ny Repoblika ka hoy ny olompirenena tsotra hoe: "raha tanteraka tokoa ireny kabary ireny dia hiadana sy ho finaritra tokoa ny Malagasy". Efa nanao fampielezan-kevitra ho an'ireo kandidà miaraka aminy koa izy, fidio ireo kandidà depiote hoy izy raha tiana hisy fampandrosoana amin'ny faritra misy anareo. Nilaza koa ny filoha Andry Rajoelina fa hitety an'i Madaasikara izy hanomboka amin'ity herinandro ity satria mbola nolavin'ny HCC ny fametrahana governora, ka izaho hoy izy no haka ny toeran'izy ireo hijery izay fampandrosoana rehetra hatao any amin'ny faritra. Izay propagandy ankolaka izay izany no saika nataony raha nisy ihany ilay fitsapankevibahoaka. Dia io fitsidiham-paritra io no hanararaotany hanaovana propagandy ho an'ireo depioten'ny TGV/MAPAR/IRD. Efa nanao ary mbola hanao propagandin'ireo depiote izy noho izany. Tokony hijery akaiky izay ny CENI sy ny HCC. Tsy mpanao fikan'antitra Ingahirainy fa mpanao fikana sakan-jaza mbola tsy mikatona loha-malemy, hoy ny mpanao poltika mpananihany izay.

***Andry Tsiavalona***

## KANDIDA FENO sy BODO BORIBORITANY FAHA3

# Tena hisolovava sy hisolotena ny vahoaka

Vory lanona teny Anosiavaratra Avaradrano ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), sy ireo komity mpanohana ao anatin'ny fokontany 34 ao amin'ny boriborintany faha 3, ny kadidan'ny TIM.K25, Feno Ralambomanana sy Bodo Razafindrazaka, nandritra ny fitsangatsanganana lehibe sy fifampiarahabàna tratry ny taona nataon'izy ireo ny sabotsy lasa teo. Na dia lavitra aza ny toerana dia tsy nahasakana ireo mpikatroka izany fa dia tonga marobe izy ireo namaly ny antson'ny DISTIM sy ny kandida Feno sy Bodo, izay midika fa vonona amin'ny fifidianana solombavambahoaka ny 27 mey ho avy izao izy ireo. Tsy nisy ny kabary lava fa fitsangatsanganana no natao, nefa na izany aza dia nanome toky ny kandida Feno



Ralambomanana raha nandray fitenenana fa tena hisolovava ny vahoaka izy fa tsy hisolosolo vava fotsiny, tena hisolotena koa ny vahoaka. Hiadiantsika mafy hoy izy ny resaka sosialy satria dia tena hita fa latsaka ao anaty fahantrana ny Malagasy. Lohalaharana amin'izany ny resaka fananganana orinasa satria marobe ireo tanora tsy an' asa. Eo ihany koa ny resaka fahasalamana sy ny fampianarana izay efa laharam-pahamehana ao anatin'ny MANIFESTO progrman'asan' ny filoha Marc Ravalomanana, izay ho entinay eny amin'ny Antenimieram-pirenena, hoy izy. Ao anatin'ny tetibolampanjakàna dia hiadiana mba ho any amin'ny sosialim-bahoaka no hatao betsaka fa tsy any amin' ny minisitera hafa izay betsaka ny vola kirakirainy ao, nefa tsy misy fiantraikany any amin'ny fiainan'ny mponina akory. Eto izahay dia manamafy hoy Feno Ralambomanana, kandidan'ny TIM.K25 Boriboritany faha3, fa hitondra fanovàna lehibe ao amin'ny antenimieram-pirenena, raha homen'ny vahoaka fitokisana ho eny Tsimbazaza. Tsy hanaiky ho baikon'ny mpitondra ary tsy ho mpananga-tanana fotsiny, fa ny hevitry ny vahoaka no hatao laharam-pahamehana amin'izany.

***Helisoa***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Lasa izao, Rodoben'ny Mpanangana



**Andriamihaja Kevin** : lasa izao, Rodoben'ny Mpanangana ity tany Ambalavao Tsienimparihy faritra Matsiatra Ambony. Tena vonona handresy ny kandidà depiote TIM.K25.

**Fenohanitra Tianasoa :** milay be e, tena vonona sy vanona ny kandidàn'ny TIM, nahazo fiofanana, manana traikefa,…

**Natiora Tiku** : efa lokon'ny bajaj ny orange eto ! Mahafinaritra ilay caravane. Tena vonona handresy marina tokoa ireo kandidà tohanan'i Dada manerana ny Nosy.

**Natiora Tiku** : mahafinaritra kosa koa! Hafa ihany Dada sy ny ekipany, handresy tokoa isika amin'ny 27 mey io.

**Natiora Tiku** : zaraina fa tsara be ilay sary, ho tsara be koa ny vokatra any, antenaintsika izany.

**Binjamin Rakotoarison** : mazotoa ka mahereza daholo e! hanana maro an'isa isika eny Tsimbazaza ary samia mailo amin'ny mety ho mbola hala-bato.

**Malala Ranonjarisoa** : tsara fa tohizo e !

**Hasimbola Anna:** tiko be ilay hetsika nataon'ny TIM.K25 tany Ambalavao ity, soa fianatra koa izao ho an'ny TIM.K25 any amin'ny distrika hafa.

**Faraniaina Andrianarisoa** : mpanangana fa tsy mpandrava e! mpandresy fa tsy ho resy sanatria. Maro an'isa eny Tsimbazaza no tanjona.

**Roger Ramanantsialonina** : mila mihetsika daholo koa ny kandidà ny TIM.K25 any amin'ny distrika hafa rehetra any, ary mba hanohana azy ireo faran'izay tratrany ny Filoha Marc Ravalomanana.

**Justin Mahavelo** : izahay koa aty efa mandigny ny Président Marc Ravalomanana, TIM.K25 avao e!

TONONKALO

## Ianareo koa mbola holavina

Nolavin'ny avo ihany ilay fikasana
Hampiray an-tsobika ny bitro sy gana,
Satria hafahafa ary tena ihomehezana,
Nefa noheverina ny hatao letrezana.

Zatra mandidy dia homana mantsy,
Ka tsy nanampo ny ho voavely fantsy.
Tsy tanty ny horak`iretsy mpanohitra
Ka dia nanjombona ry Ambohitsorohitra !

Dia asa indray izay ho "valy fingika"
F`izay no fanao rehefa lany ny fika.
Toa efa mandindona ny fanenjehana
Ireo mafy loha tsy mitovy firehana.

… Fa zava-doza raha mbola holavina
Ianao eny ambony mpanao hevi-dravina.
Nefa dia `zay foana no iafaràna
Raha toa bemarenina ny fitondrana.

***DADAN`i ZINA (26-04-19)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny filoha Ravalomanana nametraka tamin'ny fomba ofisialy ny depiote TIM tao amin'ny distrikan'Ambalavao, Fianarantsoa.









FETY ARA-PINOANA

## Pakan'Antsirabe mbola tsy lefy laza

Naresaka ny tanànan' Antsirabe nandritry ny 4 andro nentina nankalazana ny fetin'ny paka tamin'ity taona ity. Mbola mipetraka ny lazan'izany Pakan'Antsirabe izany satria dia vory lanona ny olona, izay tsy ny avy eto an-toerana ihany fa misy koa ireo avy amin'ny faritra maro sy avy any ivelany mihitsy, ankoatr'ireo mponin'Antsirabe mila ravin'ahitra any amin'ny toeran-kafa, izay mody eto hamonjy izany fetin'ny Paka izany. Nanomboka ny zoma hariva ny hetsika tamin'ny alalan'ny cabaret niarahana tamin'ny tarika Mage 4, feno hipoka ny tao amin'ny kianjan'ny Le Rêve nanaovana izany ary nanakoako ireo hira rehetra mampalaza ity tarika ity. Nanomboka ny sabotsy kosa dia mpanakanto malaza maro no nanafana ny fotoana, ka ireo orinasa roa goavana mpikarakara ny fetin'ny Paka isan-taona no nitondra azy ireo tamin'ny toerana 2 samihafa. Ny teo anoloan'ny Gara mihazo ny araben'ny fahaleovan-tena hatreo amin'ny Tsangambato dia niarahana tamin' ny « Star Tour ». Nanomboka teo amin' ny tsangambato nihazo ny Hotel des Thèrmes niampy ny tao amin'ny kianjan'ny Le Rêve kosa dia ny « Comadis » no nanome fahafaham-po ny olona tonga teto Antsirabe.

Ankoatr'ireo dia maro ihany koa ireo toerana feno kilalao ho an'ny ankizy sy ny fianakaviana iray manontolo. Raha fintinina dia saika afa-po ny rehetra tonga teto Antsirabe ary nanana safidy tamin'ireo fety sy lanonana maro samihafa. Tsy latsa-danja tamin'ireo fety isan-karazany nitranga teto Antsirabe ihany koa ny hetsika "Paska famonjena ho anao", izay hetsika ara-pilazantsara natao teo anoloan'ny Tranompokonolona, nanehoana sy nampahatsiahivana ny rehetra fa fety kristianina ny fetin'ny Paka ary efa 4 taona izao no nanaovana ny hetsika. Raha ny akon'ny fetin'ny Paka teny anivon'ireo toeram-pitsaboana kosa dia 7 no niditra hopitaly tao Andranomadio, ka ny 3 vokatry ny ady, ny 2 tsy fahatsiarovan-tena vokatry ny fisotroana zava-pisotro misy alikaola, na coma éthylique, ary ny 2 kosa noho ny lozam-pifamoivozana. Ho an'ny tao amin'ny CHRR Antsirabe, na ny hopitaly atsimo dia 37 ireo niditra hopitaly, ka ny lozam-pifamoivozana sy ny vokatry ny ady no betsaka tamin'ireo, teo ihany koa ny aretina tsotra, ka ny aretin-kibo no maro an'isa indrindra; 1 kosa namono tena saingy avotra ihany rehefa tonga teny amin'ny hopitaly; 2 no maty vokatry ny "coma ethylique".

***Solohery***

## Sakafo Ny Valosoa



Trondro asiana lafika ovy indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy, dia mihinana finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny goavy



Mbola ny soa azo avy amin'ny goavy ihany no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Manampy ireo mampihena tena izy. Noho io otrikaina C betsaka ao amin'ny goavy io dia manampy ny vatana handevona ny tavy misosoka amin'ny hoditra izy. Noho ireo otrikaina hafa sy mineraly marobe misy ao aminy koa dia misoroka ny harerahana noho ny fifadian-kanina hafa izy. Izany hoe manentsina ireo tsy fahampiana ao amin'ny vatana. Ny tsiratsiraka entiny indray dia mameno ny vavony vetivety, ka tsy hahatsiarovana noana matetika. Manampy anao tsy hihinana anelanelam-potoana izany ny goavy. Manatsara hoditra : manazava endrika, mampadinika mason-koditra, misoroka ny ketrona ary mampalefaka ny hodi-tava ny goavy. Fomba ahazoana « lotion » avy amin'ny goavy : ampangotrahy amin'ny rano ny laingon'ny goavy sy ny voany mbola manta vitsivitsy. Tantavano avy ao ary tehirizo amin'ny tavoahangy vera tsy tarapahazavana ny fanomanana avy eo, atao anaty vata fampangatsiahana. Io fanomanana io no hanadiovana ny tarehy maraina sy hariva. Mikolokolo ny fahasalaman'ny ati-vava : mampitony ny areti-nify sy manala ny mangotsoka ny fitsakotsakoana ravingoavy mbola tanora. Miady amin'ny aretin'ny taovam-pisefoana: ny rano azo avy amin'ny ravin-goavy nampangotrahina na goavy manta nopotehina dia mampitony ny kohaka sy mitsabo ny sery. Raha marary tenda dia afaka anaovana gararaka.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Faratsiho any amin'ny faritra Vakinankaratra

Ny tanànan'i Faratsiho any amin'ny faritra Vakinankaratra indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity, renivohitry ny distrikan'i Faratsiho. Avo toerana ity tanàna ity satria 1720 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Eo Ambohibary-Sambaina no mivily mankany izay mbola lalandratsy, na avy any Soavinandriana Itasy, izay lalana efa voarakotra tara amin'ny lalampirenena faha-43 (RN 43). Vokatra any ny vary sy ny ovy.



## I Korintiana 5: 7

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 132), Madagasikara 27 aprily 2019

***I Korintiana 5: 7 "Esory ny masirasira ela, mba ho vongana vaovao hianareo, araka izay tsy maha-misy masirasira anareo. Fa voavono Kristy, Paska ho antsika."***

Mbola IZAHO JEHOVAH ihany no manohy manazava aminareo ny atao hoe **PASKA**. Teo aloha AHO dia nilaza taminareo hoe ny Paska dia **FIOMANANA fa hisy ADY HO LALOVAN'NY FIRENENA, ADY HO LALOVAN'IZAO TONTOLO IZAO**. Indro ary mbola hotohizako izany : ireo karazana loza dia efa tonga, efa samy nisy daholo tany rehetra tany ary tsy mba 10 intsony fa tao ny hafanana, tao ny hatsiaka, tao ny horohorontany, tao ny loza iray fiaramanidina indray maty, tao ireo karazana loza. Tsy mijanona ireny raha tsy 40 tahaka ny nilazako tao amin'i Farao hoe avoahy hanao Paska ireo. Dia tahaka ny nitenenako tamin'ireo dia 40 ny trangana LOZA ambonin'ny tany. Ny itovizana dia ny **3 ANDRO AIZIM-PITO toy ny tamin'ny fotoan'ny Zanak'Israely tany Egypta.** Fa hatramin'ny hatsiaka sy hafanana anie ka efa tonga e! Mifandimby ny hafanana sy hatsiaka tsy ahafantarana intsony hoe ririnina.

***Fa voavono Krsity Paska ho anareo.*** NANOMBOKA TEO AMIN'NY FAHAFATESAN'I JESOSY IZANY DIA TSY LALÀNA INTSONY AFA-TSY IZAY NOTSONGAIKO HOE ITY SISA DIA ITY. Mampalahelo ny olona mbola manaraka lalàna ireo ary Izaho JEHOVAH te-hiteny hoe avereno daholo ny lalàna fa aza misy ajanona! Fa raha ireo lalàna rehetra ireo no averina, TSIA, tsy izany intsony no fomba nametrahako anareo amin'izao vanin'andro izao. Malahelo hianareo raha ny havanareo no andeha mbola hotoraham-bato, tsy zaka izany. Fa tamin'izany andro izany na ny iray tampo aza tonga eo toraham-bato.

Rahefa misy ny Paska dia misy foana NY MPANOHITRA, misy foana NY FAHAVALO, misy foana NY MPAMADIKA. Tamin'ny fotoan'andron'ny Zanak'Israely dia i Farao no mpamadika. I Farao dia nilaza tamin'ny olona rehetra fa tsy ekena ny ataon'ireo Zanak'Israely ireo. Ny nanaovany an'ireo anie dia izao e: gadrao ireo, andevozy ireo mba tsy ho tanteraka eto izany zavatra hafahafa izany satria tao amin'izy ireo no nanambarana fa fiainana vaovao, asa vaovao, lalana vaovao dia nivadika i Farao nanao hoe tsy isika mihitsy no hanaraka zavatra hafahafa ohatr'izany fa vonoy any ireo, gadrao any ireo, andevozy ary aza avela hivoaka. Izay no atao hoe Paska, misy fomba, misy foana ny tsy manaiky. Rehefa tonga indray ny andron'i Jesosy dia i **JESOSY indray no nalatsa-drà ho faty** ka ny fariseo, ny mpanora-dalàna, ny loholona no mpamadika ka i Jodasy no nataony **fitaovana**. Amin'izao vanin' andronareo izao, iza indray no mpamadika? Vahoaka be dia be mihitsy no tsy manaiky fa mamadika an'io ho azy, tsy manaiky ny olona e! Izao tontolo izao mihitsy no mpamadika tsy manaiky ny Paska. Firy sisa izany no mba hijoro hiady fa misy ny Paska? Misy TANJONA ao. Israely dia niomana hivoaka an'i Egypta, hiampita ny ranomasina mena ary ny tanjona dia ilay tany nampanantenaina, Kanana, ilay tany tondra-dronono sy tantely. Fa ny Apostoly kosa dia nilazana, ***Marka 14: 1***, Ny nihendren'ny mpisorona sy ny loholona hamono an'i Jesosy. Rehefa roa andro sisa tsy ahatongavan'ny Paska fihinanana ny mofo tsy misy masirasira dia nitady hisambotra an'i Jesosy tamin'ny fitaka ny mpanora-dalàna sy mpisorona mba hamono AZY tamin'ny fitaka ka hoy izy: an, an, an tsy amin'ny andro firavoravoana sao hampitabataba ny vahoaka. Izany andro firavoravoana izany mantsy dia andro Paska, androm-pifaliana tsy azo asiana tabataba sy gidragidra hoy ny fiteninareo. Manaja an'io Paska io daholo, tsy manao na inona na inona mihitsy fa mifaly fa tonga ny Paska, vakio any amin'ny Nomery any. **Miomàna fa efa mpandresy**, samy tsy misy mahalala izay tiako JEHOVAH hatao. Fa teto ny fiomanana dia JESOSY ho faty, **ka raha vao maty JESOSY dia efa mpandresy ny olona, efa manana ny zavatra rehetra ny olona.** Vao niomana amin'izay hoe ho faty JESOSY, efa nilaza izany tamin'ny mpianatra IZY tany aloha tany dia efa mpandresy ny olona fa miandry ilay fotoana fotsiny hoe oviana ilay fotoana. Tamin'ny andron'ny Zanak'Israely dia ny fialana tao Egypta, tamin'ny fiampitana ny ranomasina mena. Tamin'ny andron'i JESOSY indray dia tamin'ny andro namonoana AZY fa hoy IZY : IZAHO anie hoy IZY tsy maintsy atolotra. Izany hoe tsy maintsy ho faty IZY. Vakio ny Filazantsara. Tamin'izany dia efa mpandresy sahady izay nandre.

Ry mpamaky sy mpihaino, JESOSY sy ny mpianatra dia niresaka ary teo no fotoana nampahafantarin'i JESOSY hoe izao no ataonareo : mofo sy ranomboaloboka, dia io no ifampizarana, io no omena ny olona. ***Marka 14 : 12***. **NY FANASANA izany dia FIHAZONANA NY TENY FIKASANA tsy maintsy ho avy**. Izay no marina, izay no voatolotra, izay no izy, izany no atao hoe TENY FIKASANA ka tsy maintsy tanteraka, tsy maintsy ho avy. Ny TENY FIKASANA izany tsy maintsy ho avy, misy ny efa iainana fa misy koa ny mbola tsy maintsy ho avy. Teto JESOSY dia nampianatra ary teo IZY dia nilaza tamin'ny mpianatra hoe, ***andininy 24***, **Ity no Ràko amin'ny fanekena izay alatsaka hamonjy ny maro izany hoe izao tontolo izao.** Io no ahalalanareo hoe ny Ràny latsaka no ahafahany mamonjy ny olona rehetra fa raha tsy latsaka ny Ràny dia tsy voavonjy izany mihitsy ny olona. Izay izany no mahadio anareo ankehitriny. Saingy ovainareo izay novonoina dia iny rà iny no itokiana : ràmborona, ràm-biby, ràn'olona izay nihazona fanekena tany aloha dia iny no itokian'ny olona dia iny teny ataon'ny olona iny fa tsy misy afa-tsy **FANEKENA VAOVAO dia ny fandatsahana ny RAN'I JESOSY hamonjena izao tontolo izao**.

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

***I Samoela 17:45***

*Fa hoy kosa Davida tamin'ilay Filistina: hianao manatona ahy amin'ny sabatra sy ny lefona ary ny lefom-pohy; fa izaho kosa manatona anao amin'ny anaran'i Jehovah, Tompon'ny maro, Andriamanitry ny miaramilan'ny Israely, Izay efa nohaikainao.*

### CUA, ATT, SAMVA...

# Nifanome tanana nanadio ny fiantsonana Fasan'ny Karana

Ny sabotsy lasa teo dia niara- nientana ny teo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), tamin'ny alalan'ny Boriboritany faha-4, ny ATT, ny SAMVA ary ny zotra rezionaly, sy ny zotra nasionaly. Nifanome tolotanana izy ireo ho fanadiovana ny fiantsonana eny amin'ny Fasan'ny Karana. Nitondra ny anjara birikiny avy ny tsirairay nentina nandrindrana ny asa ka ny ATT dia niandraikitra ny fanentanana maro samihafa, ny SAMVA dia niezaka nanala ireo fako sy nitatitra izany teny amin'ny toerana voatokana, ny teo anivon'ny Boriboritany faha4 (CUA ), sy ireo zotra kosa dia nanolotra fitaovana nentina niasa ho amin'izany ary marihana fa naharitra teo amin'ny adiny iray mahery teo ny fanadiovana, izay nahitam-bokatsoa tsara tokoa ho an'ireo mpampiasa ny toerana rehetra. Tamin'ity voalohany ity dia fanentanana fanaovana asa modely no natao, fa raha ny tapaka dia hatao isaky ny iray volana hatrany ity fanadiovana faobe ity, ka ny zotra mandrafitra ny fiantsonana no mandamina ny fanatontosana ny asa.



*Ny fanadiovana faobe teny amin'ny fiantsonan'ny fiarakodia, Fasan'ny Karana.*

***Serge***

### Sahirana ny tantsaha

# Vary akotry 1 kg mira savony iray

Toa tsy tsapan'ny mpanjifa indrindra ny mpitondra fanjakana ankehitriny ny fangirifirin'ireo tantsaha Malagasy mifoha maraina, miloloha zezika, milanja angady, ary tsy misakafo raha tsy amin'ny 3 ora tolakandro, noho ny finiavana hamokatra hitady ny foto-tsakafony dia ny vary. Ireo mpambongady mividy izany vokatra izany amin'ny vidiny mora, lazainy fa ny lalana sy ny vidin'ny solika no antony, ka tsy maintsy ampifandanjana ny rahaharaha hoy hatrany izy ireo, dia mba ho aiza ary ireo tantsaha amin'izany. Hivarotra vary iray kilao (1 kg) nefa savony iray no mba hany takalony. Raha maniry hividy fanamiana, eny mba tsy hitenenana hoe misy manahirana toy ny aretina dia hivarotra firy gony milanja firy kilao ao an-tsopitra izany. Ny tantsaha anefa zara raha mahavokatra ary mety hahavita taona taona izany. Ny mahagaga dia vao mainka manampy trotraka ity ataon-dRa-fanjakana, manafatra vary mora any ampita entina hampidinana ny vidimbary kelin'ny Gasy tantsaha ity. Dia gaga sy talanjona raha mandinika ity politika ny fitondran-dRajoelina ity, ny lalana hamoahana ny vokatra tsy vita, ny tantsaha potehina amin'ny fanafarana vary mora.

***Serge***

### Ecar St Sauveur Antanety

# Nahavita valin-drihana ny fiangonana

Niavaka ny fankalazana ny fetin'ny Paska ho an' ireo mpino ao amin'ny "Ecar Saint Sauveur Antanety Mandaniresaka. Notokanana ny alahadin'ny Paka faha21 ny volana aprily lasa teo ny fanitarana goavana natao tao amin'ity Ekar ity. Nisy araka izany ny Fitsofan-drano ny "Galérie" vaovao, izay notanterahin'ny Evekan'ny Diosezin'Antsirabe Ranaivomanana Philippe, niaraka tamin'ireo solontenam-panjakana eto amin'ny faritra Vakinankaratra Andriamatoa Rakotomahandry Thimoté Lehiben'ny faritra Vakinankaratra mpisolo toerana, no sady Filoha Lefitra ny FFVA ihany koa, teo koa ny mpiaramiasa taminy. Nisy ny ezak'ireo mpino tamin'ny hoenti-manana nahavitana izao fotodrafitrasa izao, fa teo ihany koa anefa ireo malala- tànana izay nanampy arapitaovana sy ara-bola. Laharam-pahamehana ho an'ireo mpitantana ity fiangonana ity no nanaovana ny fanitarana noho ny antony fahateren'ny fiangonana, ka maro ireo mpino no voatery, satria dia miisa eo amin'ny 1800 ireo mpivavaka ankehitriny. Naharitra 1 taona sy 3 volana ny faharetan'ny asa ary mitentina 47 tapitrisa ariary no vola nanatanterahina ny fanitarana, ka mahazaka olona 500 isa eo ho eo izany ity "Galerie" ity. Tsy mijanona hatreo ihany anefa fa mitohy ny ezaka, tsy ho ela dia hiroso amin'ny fanatsarana ny trano fiangonana ny mpitantana, hisy indray ny ezaka fanaovana ny "Volige".

***Lezama***

TRANGA

## Tovolahy 24 taona natelin'ny farihin'Andraikiba Antsirabe

Nisesy indray ny olona natelin'ny rano tao amin'ny farihin'Andraikiba Antsirabe tato ho ato izay. Isaky ny misy kivorivory olona maromaro any an-toerana dia hitrangana loza toa izao hatrany. Tovolahy iray tokony ho 24 taona indray mantsy no maty natelin'ny farihin' Andraikiba ny alatsinain'ny Paka lasa teo iny. Tokony ho tamin'ny iray ora latsaka tany ho any no nisehioan'ity tranga nampalahelio ity. Raha ny fanazavana dia toy ny olona maro sy mpiala sasatra rehetra ihany izy ity satria alatsinain'ny Paka moa, dia isan'ny nandeha teny Andraikiba ihany koa io tovolahy io sy ny namany. Telolahy zareo no nilomano saingy asa izay nahazo ity tovolahy iray ity satria dia hitan'ny namany sy ny manodidina tsara tokoa izy no nitranga nilentika intelo dia izay tsy nitranga izay intsony. Efa niala ny rano mantsy ireo roalahy namany ary efa tafakatra tamin'ny sisin-drano mihitsy aza saingy izy io dobo io. Nampandre ny tompon'andraikitry ny fokontany avy hatrany ireo nahita maso ary nandeha avy hatrany ny fikarohana ny razana, saingy naharitra roa andro vao nipoitra ho azy ilay razana. Tsara ho marihina ihany fa efa nisy ny fepetra noraisin'ny fokontanin'Andraikiba ny amin'ny tsy fahazoana milomano ao amin'io farihy io, indrindra amin'ny fotoana tahaka ireny be olona sy fety ireny, hialana amin' ny loza tahaka izao. Mila fitandremana sy fanarahana fepetra arak'izany ho an'izay mitsangatsangana eny satria tsy mampiomana ny loza ary misy fiteny iray fantatry ny rehetra ny hoe ny mahay rano matetika no maty an-drano. Nisy fotoana efa hita sy efa saika tafakatra ihany io razana io saingy asa izay antony fa latsaka niverina indray. Voatery nanao ny fombafomba ny zanadranon'Andraikiba, nanao ny fikarohana, ka nesorina hiala teo avokoa ny fianakavian'ilay dobo an-drano.

*Lezama*

Tsy fandriampahalemana

## Tovolahy nisy naka an-keriny navotan'olona mpivoaka alina

Trangan-javatra hafahafa nahalasa saina sy toa hafahafa no niseho, tao amin'ny tanàna antsoina hoe Ampiadianavoko-Ampandrotrarana, kaominina Vinaninony Atsimo any amin'ny distrikan'i Faratsiho, fotoana vao tsy ela akory izay. Tovolahy iray tokony ho 17 taona mantsy no fantatra fa nisy nitondra an-keriny alina tontolo ary tsy hita saingy fantatra fa vehivavy miisa 2 no voalaza ho nanavotra azy. Telolahy sendra nandalo tao an-tanàna no nambaran'ny mponina any an-toerana fa nitondra io tovolahy 17 taona io. Sendra nifanenana fotsiny tao an-tanàna hariva, ary mody niarahaba azy ireo telolahy ireo ary toy ny tsy nahatsiaro tena intsony ilay tovolahy, fa avy dia nanaraka azy telolahy avy hatrany. Nentin'izy ireo nianavaratra ilay tovolahy, izay tena tsy nahatsiaro tena mihitsy, ka efa tany atsimon'i Faratsiho mihitsy vao tonga saina izy io alina io ihany izay nambarany, raha ny fanazavany, fa nifanenana tamin'ny vehivavy roa izy ireo io alina io, ary vantany vao nahita azy roavavy ireo telolahy dia rifatra nitsoaka avy hatrany. Ireo vehivavy ireo no nanontany azy ny momba azy, ny toerana misy azy, sy ny antony nandosiran'ireo telolahy ireo. Nilaza noana ilay tovolahy, ka nomen'izy mirahavavy rano ary vantany vao nisotro ilay rano dia nahatsiaro saina nanomboka teo. Nanontanian'izy mirahavavy ilay tovolahy raha toa ka mazoto ny haterina mody miaraka amin'izy ireo ary nanaiky satria natahotra rahateo fa alina ny andro. Niala teo izy ireo ary rehefa nandeha elaela, dia nahatsikaritra ilay tovolahy fa efa tafaverina tao amin'ny toerana nialany, ary dia nilaza fa efa tonga. Lasa nanaraka moron-drano izy mirahavavy, ary navelany teo ilay tovolahy. Hatramin'izao dia fantatra fa tsy tena mbola tafaverina tsara ny sain'io tovolahy nisy naka an-keriny io, ary niteraka resabe mihitsy io tranga tany Vinaninony-Atsimo.

*Solohery*

Taranja baolina kitra

## Tsy milamina araka ny tokony ho izy

Tsy tafapetraka efa fotoana maharitra izay ny amin'ny fifidianana izay ho filohan'ny federasiona Malagasy amin'ny baolina kitra( FMF). Misy antony matoa tonga amin'izany ny raharaha eo anivon'io taranja be mpitia io. Nisy ny fikasana saika hanatanterahana izany tany amin'ny faritr'i Sava iny. Tsy tafavoaka anefa izany noho ny antony samihafa, anisan'izany, ohatra, ny halaviran-toerana sy ny tsy fahatongavan'ireo filohan'ny ligy sasany tokony handray anjara amin' ny fifidianana noho ny antony samihafa ihany koa. Dia niditra an-tsehatra ny kaonfederasiona afrikana momba ny baolina kitra, na ny CAF, izay tarihin'ity mpitondra FMF taloha teto, ingahy Ahmad. Natsangany ny komity iray hamerina amin'ny laoniny ny federasiona Malagasy. Efa ho firy volana anefa izay nitsanganany izay, toa tsy hita be ihany ny asa vitany ho amin'ny famerenana amin'ny laoniny tokoa io federasiona io sy handaminana tsara ny sehatry ny baolina kitra eto Madagasikara. Misarika ny sain'ny maro mpitia mangina ankoatra ireo efa eo akaiky mafana fo saika isan'andro, mpitabataba amin'ny haino aman-jery na antsoratra, ny zava-misy. Misy tsy milamina ao matoa miadana ny fomba fiasa ary misy "raha" ao matoa hatramin'izao tsy hita taratra ny fihatsarány. Inona no tena ilàna io komity io? ary sao dia olona tsy "compétent", tena mahafehy io tontolon'io taranja io akory no napetraky ny filohan'ny CAF ao? Iaraha-mahalala rahateo ny haavo lentan'ny baolina kitra teto tamin'ny fotoana naha teo azy. Manaitra ny saina ny fitenin'ny olona iray tao amin'ny onjam-peo tsy miankina iray, izay lehilahy mpankafy ny baolina kitra tokoa, ka nilaza hafahafa indray andro izay vao tsy ela, izay ny tiany ambara soloy ireo olona nofidina ireo fa tsy mamely. Dia iaraha-mahafantatra tokoa ireo olona ao ireo, fa tsy mbola heno amin'izany baolina kitra izany. Marina ireo, hoy ny hafa raha mba nikitika baolina kitra hatramin'izay niainany akory, nefa tendrena handamina io taranja io. Rehefa dinihina lalina, dia kinamanamana no misy ao. Ary hatrany amin'ny sekreteran'ny CAF io toe-javatra io. Ministra taloha nisahana ny serasera tamin'ny andron'ny tetezamita no napetraka ho amin'izany toerana izany. Dia miharihary loatra ilay kinamanamana. Tsy mampaninona ihany raha mifampitsinjo ny mpinamana, fa ny manahirana ny sain'ny maro, tsy mivaha ny olana eo amin' ny sehatry ny taranja baolina kitra eto Madagasikara hatramin'izao aloha, izay no hitan'ny maro. Miala tsiny fa ny fanaovana kianja "synthéthique" etsy sy eroa tsy mahavaha olana izany. Aoka tsy lalaovina amin'ny resaka politika io taranja io, sy potehina ny ho avin'ny tanora Malagasy tokony hanandratra avo ny firenena.

*Radafy*

Ministeran'ny fanajariana ny tany

## Zaridainan'Anosy : toa avela ho potika satria asan'ny teo aloha

Mihasimba sahady ny zaridainan'Anosy nandaniam-bolaba tamin'andron'ny fitondrana Rajaonarimampianina. Hita miharihary fa tsy misy mpikarakara ilay toerana ary miharingitra sy ratsy ny ahitra maitso ao anatiny izay manome ny endriny. Tsy tokony ho izany no hita, satria vao nandalo ny fotoam-pahavaratra isika ka tokony hilenodenoka mampitehipetrapetraka eny. Ety ivelany dia mahatazana tsara ny fikorosoafahan'io zaridaina io tanteraka. Andrasana rahoviana vao hikoropaka ho amin'ny fanatsarana azy ny eo anivon'ny ministeran'ny fanajariana ny tany sy ny asa vaventy. Niaraha-nahita mantsy ny minisitry ny asa vaventy sy ny fanajariana ny tany tamin'ny fitondrana Hvm nidedaka mihitsy ary niseho tompony, fa hoe nahavita asa fanatsarana an'Iarivo. Natao mihitsy araka izany fa ny fanjakana no tomponan'andraikitra amin'io zaridainan'Anosy io ary niniana nodinganina mihitsy ny tomponandraikitra eo anivon' ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) tamin'ireny fotoana ireny. Nailika tsotra izao mba hakàna ny fon'ny vahoakan'Antananarivo. Dia niaraha-nahita ireny anefa ny nanjo io antoko nilaza azy ho natanjaka tamin'ny fotoan'androny io sy ny ekipany. Na izany na tsy izany, ny zavamisy aloha izany dia noraisin'ny fanjakana ny fiandreketana io zaridaina io, ary eo rahateo ny fanohizana ny asa ho an'izay mandimby (continuité de l'Etat). Araka izany, hatreto aloha dia zary toa tsy misy miandraikitra amin'ny fanatsarana io zaridaina io, nefa tokony ho ny ministera tantanin'i Hajo Andrianainarivelo izany no ho tompon'andraikitra amin'ny, amin'izay tokony ho fitohizan'ny fahefana izay. Efa nailika ny kaomina Antananarivo Renivohitra ary tena politika maloto no noketrehina tamin'izany. Aiza àry ny tompon'andraikipanjakana mpandimby hanatsara io zaridaina io? sa andrasana efa ho potika tanteraka indray vao mody hihazakazaka hanao an'io, dia sady bizina io no hihatsaravelatsihy eo imasom-bahoaka indray fa hoe miasa ny fitondrana? Hanohy ny fomba ratsin'ny teo aloha?

*Radafy*



**SARIITATRA :** Tsy hahita mangirana amin'io fitondrana io amin'ny 100 andro manaraka



# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny TIM Boriborintany faha-3 sy ny kandidà Feno sy Bodo nifampiarahaba teny Anosiavaratra ny sabotsy teo.**








